


MINISTERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA HO OLOMPIRENENA

# IZANY KA FIARAHAMONIM- PIRENENA




Rakitra Soa lombonana





# IZANY KA FIARAHAMONIM- PIRENENA

Rakitra Soa Iombonana



## Fampidirana

- Hatramin'ny taona 90 namoahana ny lalàna mifehy ny Fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana na ONG no nampiroborobo eto Madagasikara ny fandraisana andraikitra ny fiarahamonim-pirenena eo amin'ny sehatra samihafa ary koa ny fitomboan'ny isan'ireo mpandray anjara izay miasa mba hanandratra sy hiaro ny zon'olombelona.
- Zary mpiara-miasa tena manan-danja eo amin'ny fampandrosoana ny firenena noho izany ny fiarahamonim-pirenena.
- Vao mainka miharihary izany lanjany izany amin'izao vanim-potoana andalovan'ny firenena ao anaty krizy pôlitika izao ka nangatahan'ny olompirenena ny fandraisan'ny fiarahamonim-pirenena anjara amin'ny fiarahana mikaroka vahaolana hiverenan'ny filaminana eto Madagasikara.
- Eo ankilan'ny fiderana ataon'ny olona ireo fikambanana ao amin'ny fiarahamonim-pirenena, dia misy koa anefa ny fanakianana noho ny tsy fandraisana andraikitra manoloana ny trangan-javatra tokony hanehoan'ny fiarahamonim-pirenena ny heviny mba hanairana ireo mpitondra nifandimby teto amin'ny firenena. Eo ihany koa ny fisian'ny fitongilanana sy fiandanian'ny fikambanana sasany amin'ny mpitondra pôlitika. Tsy vitsy amin'izy ireny koa no tsy ampy fahalalana na momba ny asany na momba ny zo sy adidy aman'andraikiny.
- Mba hanatsarana ny fahafaha-manaon'ireo fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena àry dia ilaina ny fampitana amin'ity toro-lalana ity ny vaovao mora raisina sy tena ilainy amin'ny fampandehanana tsara ny asany, ny fomba tsara hanatanterahana ireny asa ireny ary ny fomba hoenti-mandray andraikitra manoloana ny Fanjakana mba hisy fiantraikany marina sy mahaso eo amin'ny mponina arovany ny asa vitany.
- Farany, soritana manokana fa ity toro-lalana ity dia natao koa ho an'ny olon-drehetra izay miezaka hanandratra sy hiaro ny zon'olombelona mba hisian'ny fiarahamonina anjakan'ny fahalalahana, ny fahamarinana, ny filaminana, ny fihavanana ary ny demôkrasia marina

# I. NY FIARAHAMONIM-PIRENENA

## A. INONA NO ATAO HOE FIARAHAMONIM-PIRENENA?

Famaritana vitsivitsy no indro atolotra momba ny atao hoe fiarahamonim-pirenena:

Hoy ny **Wikipédia**: “Ny fiarahamonim-pirenena dia ny sehatry ny fiainana ara-piarahamonina voalamina, miasa an-tsitrapo, mahavita tena sy mizaka tena malalaka fa tsy miankina amin’ny Fanjakana. Io no vondrona ara-piarahamonina mifanohitra amin’ny saranga politika”.

Hoy ny **UNESCO**: “ Ny atao hoe fiarahamonim-pirenena dia ny fifandaminan’ny mpiaramonina ivelan’ny sehatry ny fanjakana sy ny sehatra ara-barotra, izany hoe ny fitambarana fikambanana na vondron’olona natsangana tamin’ny fomba hentitra na tsia ary tsy mikambana amin’ny fitondram-panjakana na ny sehatry ny varotra”.

Hoy ny **Livre blanc de la gouvernance de l’Union européenne** : « Ny fiarahamonim-pirenena dia mampiray, indrindra indrindra, ny fikambana sendikaly sy fikambanan’ny tompon’orinasa (ireo «mpiombona antoka ara-tsosialy»), ny fikambanana tsy miankina amin’ny fanjakana (ONG), ny fikambanan’ny mpiasa, ny fikambanana mpanao asa soa, ny fikambanana ifotony, ny fikambanana mampandray anjara ny olompirenena amin’ny fiainana eo an-toerana na eo amin’ny kaominina onenany, miaraka amin’ny fandraisana anjara manokana raisin’ny fiangonana sy ny fikambanam-pivavahana» .

Araka ny **famaritana iombonana nomen’ny Siansan’ny pôlitika** (J.L.Quermonne) : « io dia ny fitambaran’ny fifandraisan’ny olona samy olona, ny rafitra momba ny fianakaviana, fiarahamonina, toe-karena, kolontsaina, fivavahana izay mivelatra ao amin’ny fiarahamonina iray ary ivelan’ny lasitra sy ny fifehezan’ny fanjakana.

Arakany **Firenena Mikambana** na ny **Banky Iraisam-pirenena**: «Ny tondroina mazàna hoe fiarahamonim-pirenena dia ireo fikambanana tsy miankina amin’ny fanjakana ary tsy mitady vola izay manentana ny fiainam-bahoaka ary miaro ny tombontsoa sy ny soatoavin’ireo mpikambana ao aminy na ny an’ny hafa, izay mifototra amin’ny etika, ny kolontsaina, ny politika, ny siansa, ny fivavahana, ny fanaovan-tsoa : vondron’olona, fikambanana tsy miankina amin’ny fanjakana (ONG), sendikà, fikambanan’ny mponina tompontany, fikambanana mpanao asa soa, vondrom-pivavahana, fikambanan’ny mpiasa sy tsangan’asa manokana».

*Raha fintinina, ny teny hoe fiarahamonim-pianarana dia manondro ireo fikambanana isan-karazany ao anaty fiarahamonina ary ivelan’ny*

## *Fanjakana sy ny fahefana mijoro ary ny fikambanana pôlitika.*

### B. NY FIARAHAMONIM-PIRENENA IRAISAM-PIRENENA

Niara-nipoitra tamin'ny fanatontoloana sy ny adihevitra momba ny fitantanana iombonana an'izao tontolo izao ny resaka fiarahamonim-pirenena iraisam-pirenena. Ny hoe fiarahamonim-pirenena dia fampiasa be dia be eo amin'ny sahan'ny fifanampiana iraisam-pirenena sy ny fampanandrosoana maharitra rehefa te hanoritsoritra momba ny endrika tsindry lentam-pahefana, ohatra.

Rehefa miteny hoe « fiarahamonim-pirenena iraisam-pirenena » dia tafiditra ireo mpikatroka marobe tsy miankina amin'ny fanjakana izay mirotsaka miasa eo anivon'ny firenena maro ka nahatonga ny zon'olombelona, ny fiarovana ny tontolo iainana na ny rafitry ny fikambanana iraisam-pirenena ho voasoratra ao anatin'ny fandaharam-potoanan'ny politika iraisam-pirenena

Ohatra Fiarahamonim-pirenena iraisam-pirenena : FTMF sy Fikambanan'ny Fiarahamonim-pirenena iraisam-pirenena :

- Care, Compas, ETC Group,
- HEADS - Hari Environment and Development Society,
- League for Pastoral Peoples,
- Practical Action (ITDG),
- Roman FORUM,
- Via CAMPESINA (International peasant movement)),
- WWF - World Wildlife Fund,
- AMARC-Association mondiale des Radiodiffuseurs Communautaires,
- APC-Association for Progressive Communication,
- The Benton Foundation,
- Bytes for all,
- Choike,
- CRIS - Communication Rights in the Information Society,
- Free Software Foundation et Free Software Foundation Europe,
- Fondation Heinrich Boell,
- Oneworld,
- Plateforme des réseaux citoyens,
- WACC - Association mondiale pour la communication chrétienne.

Manoloana ny fahasahiranana-tsaina nateraky ny fanatontoloana ny toe-karena, ny fiarahamonim-pirenena iraisam-pirenena dia miseho ho toy ny hery mpandà na mpanohitra kanefa koa mijoro ho hery mpanolo-kevitra. Izy dia mipetraka ho hery mandà ny tsy fahafaha-mibaiko ny toe-karena voizin'ny fanatontoloana ary mampifanohitra izany amin'ny fomba fijery ny toe-karena iraisam-pirenena mifototra amin'ny maha-olona, izay fomba fijery avy amin'ny olombelona hery vaovao ary natao ho an'ny olombelona.

Noho izany dia nofaritana ho toy ny lafiny sivily amin'ny fanatontoloana ny fiarahamonina iraisam-pirenena.

### **Ny karazana fiarahamonim-pirenana iraisampirenana:**

- Fiarahamonim-pirenena tsara sitrapo: ny fiarahamonim-pirenen'ny ONG izay miasa ho fanandratana ny Zon'olombelona sy ny Fanjakana tandalàna.
- Fiarahamonim-pirenen'ny mpivarotra sy ny orinasa misandrahaka amina firenena maro izay tohana sy fon'ny toekarena maneran-tany.
- Fiarahamonina tsy manaja ny maha-olom-pirenena, izany hoe irony vondron-jiolahy, fikambanana samy hafa, tambazotra izay manararaotra ny fanatontoloana mba hivelomana ao amin'ny tsy fanarahan-dalàna : fivarotana fitaovam-piadiana sy fivarotana olona antsokosoko, fivarotana zava-mahadomelina sy fampihorohoroana.
- Fiarahamonim-pirenen'ny manampahaizana : fivondronan'ireo mpahay siansa indrindra ao amin'ny sehatry ny bioetika izay manomana ny rahampitson'ny zanak'olombelona.

Ny fanirian'ny Firenena Mikambana anefa dia ny hahatonga ny fiarahamonim-pirenena iraisam-pirenena hanjary hery hampiditra ny Zo ao anatin'ny toe-karena iraisam-pirenena mba hahatonga azy io hisokatra, hitodika amin'ny Olombelona ary hiantoka ny tombontsoany fototra.

#### D. IREO FIKAMBANANA AO ANATIN'NY FIARAHAMONIM-PIRENENA?

1. Ny fikambanana tsotra,
2. Ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana na ONG
3. Ny fikambanan'ny mpampiasa
4. Ny fikambanana sendikaly
5. Ny holafitra samihafa
6. Ny fikambanam-pivavahana, ny fiangonana sy ny vondrom-piangonana
7. Ny fikambanan'ny mpanjifa
8. Ny fivondronan'ny tantsaha
9. Ny vondrom-piarahamonina
10. Ny Tsanganasa tsy miankina na Fondations privées



## b) Ireo karazam-pikambanana sy ny mombamomba azy

Karazam-pikambanana	Lalàna mifehy azy	Famaritana	Firafiny	Fepe-panorenana	Asa ataony
Ny fikambanana tsotra	Hitsivolana lah. 60.133 tamin'ny 03 oktobra 1960	Ny atao hoe fikambanana tsotra moa dia fikambanana teraka avy amin'ny fifanarahana eo amin'ny olona vitsivitsy na maromaro izay mampivondrona an-tsitrapo ny fahaizana amam-pahalalany na ny asany mba hanatrarana tanjona iombanana ka tsy mikendry fizaràna tombom-barotra.	AKARINA MIADANA NY FANEVA ARY TSY AJANONA RAHA TSY TAFAPAKA ENY AMIN'NY TAMPONY		Manatanteraka ny asa voafaritra ao amin'ny sata aminim-pitsipik'ilay fikambanana
Ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana na ONG	Lalàna 96.030 tamin'ny 14 aogositra 1997	Ny teny hoe Fikambanana Tsy miankina amin'ny Fanjakana na ONG dia manondro « vondron'olon-tsotra na fikambanana mizaka zo aman'andraikitra, mahatapa-tena, tsy miankina, voarindra lamina, miorina sy nankatoavina ara-dalàna, tsy atao fitadiavam-bola, mandàla ny maha-olona, manao ho foto'asa sady maharitra ny fanasoavana ny mpiara-belona, fampivoarana ara-tsosialy sy ara-toe-karena, ara-pitaizana sy fanabeazana, ary momba ny kolontsaina amin'ny alalan'atrikasa, ho fampandrosoana maharitra ny isam-batan'olona, hivoarar'ny mpiara-moniina, amin'ny herin'izy tenany ary koa mba hiarovana ny tontolo iainana. Ny fanatanterahany ny asa dia mifototra amin'ny fisahanan-draharaha sy mitaky tambiny, ny tsy fijerena tavan'olona, ny tsy fanavakavahana ara-poko, ara-pivavahana na ara-pirehana politika. Manana olona, fitaovana ary vola enti-mihetsika izy. »	Ny ONG dia manana : 1. Rafitra mpanapa-kevitra sy manao ny fifampidiniana : ny Fivoriambe ; 2. Rafitra mpanoro-lalana sy manao ny fizohian-draharaha: ny Filankevi-pitondrana ; 3. Rafitra mpanatanteraka: ny Komity mpitarika na mpitantana ; 4. Rafitra mpanara-maso : ny Mpaninika sy mpanara-maso ny toe-bola.		Manatanteraka ny asa voafaritry ny satany Miaro ny tombontson'ny vahoaka sy ny manatsara ny fiainany Mananelana ny vahoaka sy ny Fanjakana Mitondra ny teny sy hetahetan'ny vahoaka eo anolonan'ny Fanjakana

Karazam-pikambanana	Lalàna mifehy azy	Famaritana	Firafiny	Fepe-panorenana	Asa ataony
Ny fikambanan'ny mpampiasa		Fikambanana ivondronan'ny tompon'orinasa	-Ny filoha -Ny filoha lefitra -Ny mpitam-bola -Ny mpitan-tsoratra -Ny mpitan-tsoratra ny vola -Mpanolon-tsaina		Mikatsaka ny tombontsoan'ny orinasa sy mpampiasa Mifanakalo sy miady hevitra eo anivon'ny Vaomieran'ny telo tonta momba ny fiainan'ny orinasa sy ny fomba fitondrana ny mpiasa ary ny karama aman-tombostoa omena iretsy farany
Ny fikambanana sendikaly	<ul style="list-style-type: none"> <li>Ny Fifanarahana laharana faha-87 (OIT) momba ny fahalalahana hanagana sendika sy ny fiarovana ny zon'ny sendika, 1948 izay lany tamin'ny 09 jolay 1948, nana-kery tamin'ny 04 jolay 1950 ary nankatoavin'i madagasikara ny 01 novambra 1960</li> </ul>	Fikambanana ivondronan'ny mpiasa hiarovana ny tombontsoa ara-bola na moraly iombonany	-Ny filoha -Ny filoha lefitra -Ny mpitam-bola -Ny mpitan-tsoratra -Ny mpitan-tsoratra ny vola -Mpanolon-tsaina		Miantoka ny fiarovana ny tombontsoan'ny mpikarama eo anivon'ny orinasa sy eo amin'ny sehatry ny firenena. Mitantana ny rafitra fototra mialy ny fainan'ny mpikarama (paritarisme). Miara-mitantana ny tahirim-bolam-pirenena momba ny fiantohana ny aretina. ny volan-jaza ary ny tambin-karama omena ny tsy an'asa sy ny misotro ronono Mampita ny vaovao voaray avy any amin'ny komitri'ny orinasa amin'ny mpikarama Manaò hetsika fanoherana

Karazam-pikambanana	Lalàna mifehy azy	Famaritana	Firafiny	Fepe-panorenana	Asa ataony
	<ul style="list-style-type: none"> <li>Ny Lalàna Lah. 97-005 tamin'ny 10 martsa 1997 anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fianarahana laharana faha-98 (OIT) mikasika ny fampiharana ny fenitra itondrana ny lamindrahaha sy ny fifampiharahana iombonambe,</li> </ul>		<ul style="list-style-type: none"> <li>-Ny fioha</li> <li>-Ny fioha lefitra</li> <li>-Ny mpitam-bola</li> <li>-Ny mpitan-tsoratra</li> <li>-Ny mpitan-tsoratra ny vola</li> <li>-Mpanolon-tsaina</li> </ul>		<p>(fitokonana, fhetsiketsehana, fanangonan-tsonia ...) rehefa misy ny tsy fifanarahana-kevitra amin'ny mpampiasa</p> <p>Mandray anjara amin'ny fifanakalozan-kevitra sôsialy (fifampiharahana, fakan-kevitra na fifanakalozam-baovao) eo anivon'ny rafitry ny telo tonta momba ny toe-draharaha iombonana mikasika ny toe-karena sy ny ara-tsôsialy na eo amin'ny Fanjakana sy ny mpampiasa ary ny mpikarama</p> <p>Manao sonia miaraka amin'ny Fanjakana na ny mpampiasa ny fifanekena iombonana izay mifehy ny fepetra fiasana ho an'ny mpiasa amin'ny ankapobeny</p>

Karazam-pikambanana	Lalàna mifehy azy	Famaritana	Firafiny	Fepe-panorenana	Asa ataony
<p>Ny holaifitra samihafa:</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>• Dokotera</li> <li>• Mpivaro-panafody</li> <li>• Mpisolovava (barreau)</li> <li>• Dokotera mpitsabo biby</li> <li>• Mpampivelona</li> <li>• Mpanao mari-trano</li> <li>• Mpanao gazety</li> <li>• Enjeniera</li> </ul>	<p>Hitsivolana lah. 60.133 tamin'ny 03 oktobra 1960</p>	<p>Vondron'ny mpiaray asa natao hanara-maso sy hiaro ny fitsipika moraly arahin'ilay sokajin'asa</p>	<p>-Ily fioloha -Ily fioloha lefitra -Ily mpitam-bola -Ily mpitan-tsoratra -Ily mpitan-tsoratra ny vola -Mpanolon-tsaina</p>		<p>Manangana ny fitsipi-pitondrantena eo amin'ny asa (déontologie) sy mampanjaza azy Manara-maso sy mampaharitra ny fitsipika moraly arahin'ny sokajin'asa iombonana Miaro ny tombontsoan'ny holaifitra</p>
<p>Ny fikambanam-pivavahana, ny fiangonana sy ny vondrom-piangonana</p>	<p>Ny Hitsivolana lah. 62-117 tamin'ny 01 oktobra 1962 momba ny fitantanana ny finoana DÉCRET N° 62-666 DU 27 DECEMBRE 1962 portant application des articles 25, 47 et 48 du titre VI de l'ordonnance n° 62-117 du 1er octobre 1962 relative au régime des cultes</p>	<p>Fikambanana ivondronan'ny mpiaray finoana na fivavahana</p>	<p>Atsangana mandritra ny fivoriamben'ny mpiara-mivavaka ny fikambanana, ka amin'io fotoana io no hifidianana ny fiankevimpitantanana izay tsy maintsy misy : Fioloha iray Fioloha lefitra iray Mpitan-tsoratra iray Mpitambola iray Mpitambola lefitra iray Mpikambana efatra. Sy haneken'izy ireo ny sata mifehy ny fikambanana</p>	<p>Ho fampiharana ny andininy faha-47 sy faha-48 amin'ny didy hitsivolana voalaza teo dia tsy maintsy hampiarahana amin'ny fangatahana izay ataon'ny fikambanan'ny mipino, maniry te-hiorina ho Fiangonana eken'ny fanjakana ny fisiany, ireto antontan-taratasy manaraka ireto 1. Fampa-hafantarana momba ny fiandohana sy ny fananganana ny fikambanana, ny foto-pivavahana joroany sy ny fomba fomba fanaony, ny isan'ny mpivavaka, ny</p>	

Karazam-pikambanana	Lalàna mifehy azy	Famaritana	Firafiny	Fepe-panorenana	Asa ataony
			<p>-Ny fioloha          -Ny fioloha lefitra          -Ny mpitam-bola          -Ny mpitan-tsoratra          -Ny mpitan-tsoratra ny vola          -Mpanolon-tsaina</p>	<p>isan'ny trano fiangonana sy ny toerana misy azy.          2. Ny taratasy miaraka amin'ny fanapahan-kevitra nanendry ny tompo'ndraikitra ao amin'ny fikambanana miaraka amin'ny anarany, fanampin'anarany, ny taonany, ny andraikiny avy sy ny fomenan'ireo tompo'ndraikitra ireo tsirairay avy.          3. Ny lisitra milazalaza ny sahan'asa sy ny toeram-pianarana mifandraika amin'ny ara-kolontsaina, amin'ny ftsaboana, amin'ny raharaha sosialy izay karakain'ny fikambanana, sy ny anarany olona miasa any amin'izy ireny.          4. Ny lisitra fitanisana tsirairay ny trano an'ny fikambanana miaraka amin'ny taratasy fizakany azy ara-dalàna sy ny fampiasana azy ireny          5. Taratasy fampahafantarana ny toe-bolan'ny fikambanana ary efa nohamarinin'ny receveur de l'enregistrement.</p>	

Karazam-pikambanana	Lalàna mifehy azy	Famaritana	Firafiny	Fepe-panorenana	Asa ataony
Ny fivondronan'ny tantsaha	Hitsivolana lah. 60.133 tamin'ny 03 oktobra 1960	Fikambanana ivondronan'ny samy tantsaha	-Ny filoha -Ny filoha lefitra -Ny mpitam-bola -Ny mpitan-tsoratra -Ny mpitan-tsoratra ny vola -Mpanolon-tsaina		Miara-manatanteraka tetikasa na fandaharansa iombonana Miaro ny tombontsoan'ny tantsaha amin'ny fiarovana ny vidim-bokatra tsy hihena Mifanakalo sy miady hevitra amin'ny ambaratongam-panjakana hitsinjovana ny fampiroboana ny fambolena amam-piompiana na asa hafa ataony Misolo tena ny tantsaha amin'ny ffanarahana atao amin'ny Fanjakana na ny rafitra mpampindram-bola
Ny fikambanan'ny mpanjifa	Hitsivolana lah. 60.133 tamin'ny 03 oktobra 1960	Fikambanana ivondronan'ny mponina amin'ny maha-mpanjifa azy hiarovana ny tombontsoam-bahoaka manoloana ny mety ho fiakaran'ny vidin'entana	-Ny filoha -Ny filoha lefitra -Ny mpitam-bola -Ny mpitan-tsoratra -Ny mpitan-tsoratra ny vola -Mpanolon-tsaina		Manara-maso ny fiakaran'ny vidin'entana lain'ny mponina ka manohitra ny fiakaran-bidy tsy ara-draniny sy tsy ara-dalàna Manara-maso ny hatsaràn'ny entana amidy ary miady amin'ny fivarotana entana lany daty Mifampiraharaha amin'ny Fanjakana na ny orinasa hitazonana ny vidin'entana amin'ny vidiny takatry ny fahefa-mividin'ny vahoaka

Karazam-pikambanana	Lalàna mifehy azy	Famaritana	Firafiny	Fepe-panorenana	Asa ataony
Ny vondrom-piarahamonina	Hitsivolana lah. 60.133 tamin'ny 03 oktobra 1960				
Tsanganasa fanaoavam-bahoaka tsy miankina na Fondations privées	1. Lalàna n° 95-028 tamin'ny 26 septambra 1995 anorenana Tsanganasa fanaoavam-bahoaka eto Madagasikara 2. Lalàna lah. 2004-014 mifehy ny fanavaozana ny fomba fiasa sy fitantanana ny Tsanganasa eto Madagasikara	Ny Tsanganasa dia andrim-pitondrana hoenti-manatanteraka asa ahitan'ny daholobe tombontsoa, miendrika fitiava-namana, fanabeazana, siantifika, sosialy, fiantran'olona, fanatanjahan-tena, kolontsaina na hoenti-manampy amin'ny fanamaintsamolaly ny lova mikasika ny zavakanto na ho fiarovana ny tontolo iainana. Ny Tsanganasa dia voafehin'ny lalàna mahakasika ny isam-batan'olona tsy natao itadiavam-bola ka ny vola miditra aminy dia tsy ampiasaina raha tsy hoenti-manatanteraka ny zava-kinendry. Tsy azony atao vaindohan-draharaha ny fitrandrahana orinasa iray.	Mpikambana fito fara-fahakeliny ary dimy ambin'ny folo fara-fahabetsany no ao anatin'ny filan-kevi-pitantanan'ny tsanganasa. Fitantanana Mahefa.		Fanabeazana, fahasalamana, tontolo iainana, ara-tsosialy ary fanampiana amin'ny maha-olombelona, fanatanjahan-tena, zava-kanto ary kolontsaina.

***Tafiditra ho anisan'ny fiarahamonim-pirenena àry ny olon-drehetra izay mandray anjara tsy terena amin'ny asa mahakasika ny daholobe ka mirotsaka hiaro tombontsoa, tanjona na soatoavina iombonana.***

## E. NY TOETRAN'NY FIARAHAMONIM-PIRENENA

1. Tsy miankina amin'ny Fanjakana
2. Tsy miankina amin'ny antoko pôlitika
3. Tsy miandany amin'ny Fanjakana na antoko pôlitika
4. Tsy atao asa fivelomana na fitadiavam-bola
5. Miasa an-tsitrapo fa tsy terena
6. Mfototra amin'ny fikatsahana ny tombontsoa iombonan'ny mpiaramonina

## F. IREO SEHATRA AHITANA NY FIARAHAMONIM-PIRENENA

1. Fanandratana sy fiarovana ny zon'ny olombelona
2. Fampanjakana ny fahamarinana ao anatin'ny fiarahamonina
3. Fampandrosoana ara-toe-karena, sôsialy ary ara-kolontsaina
4. Fanampiana amin'ny maha-olona
5. Fiarovana ny tontolo iainana
6. Fanandratana ny soatoavina ara-piarahamonina sy ara-kolontsaina
7. Fampiroboroana ny miralenta
8. Fanaraha-maso ny fifidianana sy ny fiainam-bahoaka
9. Fanelanelanana sy fandaminana ny fifandirana
10. Fanabeazana ny olom-pirenena...

## G. IREO ANJARA ASA SAHANIN'NY FIARAHAMONIM-PIRENENA

### **Ireto avy no anjara asany:**

1. Mandinika ny fiainam-pirenena
2. Manara-maso ny fiasan'ny Fanjakana
3. Mizara vaovao amin'ny vahoaka
4. Manentana sy mampirisika ny olom-pirenena handray anjara amin'ny fiainam-pirenena
5. Mamantatra sy maka ny hetaheta amam-pilàn'ny vahoaka ary mitondra izany eo anivon'ny fahefana mpanao lalàna sy fahefana mpanatanteraka
6. Mameno ny banga tsy vitan'ny Fanjakana eo amin'ny fahiana ny fiainam-bahoaka sy ny fanatanterahana ny zon'olombelona
7. Mifampiraharaha amin'ny Fanjakana sy manolo-kevitra azy



8. Mamaky bantsilana sy manakiana ny zava-tsy mety ataon'ny Fanjakana
9. Manaitra ny Fanjakana amin'ny lafin-javatra tsy mety eo amin'ny firenena
10. Mitaky ny fampiharana sy fanajana ny lalàna
11. Manohitra ny fanapahan-kevi-panjakana mifanohitra amin'ny lalàna sy ny tombontsoan'ny vahoaka
12. Manelanelana ny Fanjakana sy ny vahoaka, ny olom-pirenena sy ny Fanjakana
13. Manampy ny vahoaka amin'ny fitakiana ara-drariny ataony amin'ny Fanjakana
14. Mitaky ny fampiharana ny zon'ny olombelona sy miaro izany
15. Manindrahindra ny soa iombonana sy ireo soatoavina ekena erantany toy ny fampiroboroboana sy ny fiarovana ny zon'olombelona
16. Manatsara ny fiainan'ny vahoaka eo amin'nylafiny fanabeazana, sôsialy, toekarena,...



## II. NY ONG SY NY FIKAMBANANA MANANDRATRA NY FANAJANA SY NY FIAROVANA NY ZON'NY OLOMBELONA

### A. NY TANJAKA SY NY FAHALEMEN'NY FIKAMBANANA TSOTRA SY NY ONG

	TANJANY	FAHALEMENY
FIKAMBANANA TSOTRA	<ul style="list-style-type: none"> <li>- Akaikin'ny vahoaka</li> <li>- Rafitra azo amboarina</li> <li>- Fanapahan-kevitra haingana kokoa</li> <li>- Tsy fiankinan-doha amin'ny pôlitika</li> <li>- Antony iasany sy fanekena hanao izay hahatontosa ny asa.</li> </ul>	<ul style="list-style-type: none"> <li>- Ady ho lohany</li> <li>- Miandany</li> <li>- Lavitra ny fahefana manapaka hevitra</li> <li>- Tsy misy fitohizana ny asany</li> <li>- Tsy fahampiam-bola</li> <li>- Tsy ampy ny fandrindrana asa</li> <li>- Tsy ampy ny fahaiza-manao fa manandrakandrana.</li> <li>- Fahavitsian'ny mpikambana</li> <li>- Tsy fahampian'ny fari-pahaizana</li> </ul>
ONG	<ul style="list-style-type: none"> <li>- Akaikin'ny vahoaka</li> <li>- Fahaleovantena hiasa</li> <li>- Manana traikefa mivaingana</li> <li>- Manana fahalalana teknika</li> <li>- Resy lahatra sy manao izay hahombiazana</li> </ul>	<ul style="list-style-type: none"> <li>- Rafitra henjana be</li> <li>- Ady ho filoha mpitarika</li> <li>- Miandany amin'ny pôlitika</li> <li>- Lavitra ny fahefana manapaka-kevitra</li> <li>- Tsy fitohizan'ny asa</li> <li>- Tsy fahampiam-bola</li> <li>- Tsy fahampian'ny fandrindran'ny asa.</li> <li>- Tsy ampy fahaiza-manao fa manandrakandrana</li> </ul>

## B. NY FEPETRA TOKONY HARAHINA MBA HAMPAHOMBY NY FIKAMBANANA SY NY ONG

- **Manana vina** : manangana ny fikambanany na ny ONG –ny ho an’ny tanjona mazava, hijery lavitra kanefa tena manaraka lalana voafaritra tsara:
- **Manana antony manosika** : resy lahatra mikasika ny fahambonian’ny asa ataony ary manana herin-tsaina hanao azy sy hamita izany hatramin’ny farany
- **Manana traikefa** ; mahafehy tsara izay atao, tsy manandrakandrana.
- Manana paikady voalamina tsara mba hahomby.
- **Tsy miasa irery** : mifanaraka amin’ny mpikambana eo an-toerana na manerana ny firenena.
- **Mamorona na mandray anjara amin’ny fikambanana na ny tambazotran’ny ONG.**
- **Manana fahakingana ara-diplomatika**, manaraka ny hevitra ny hafa kanefa tsy manadino ny vitan’ny tena.
- **Manana fifandraisana amin’olona betsaka**
- **Mampiseho fitozoana amin’ny zavatra atao. Dingan’ny tetibola sy ny fandraisana anjaran’ny fiarahamonina sivily**

DINGANA	ANDRAIKITRA	FOMBA ANDRAISAN'NY FIARAHAMONINA SIVILY ANJARA
FAMOLAVOLANA	<p>MPANATANTERAKA :</p> <p>Ministera --&gt; Ministeran'ny Fitantanambola sy Tetibola</p> <p>=&gt; Fitsinjarana ny vola am-pelatanana : foibe, faritra, ifotony</p> <p>Dingana anisan'ny mihidy ka mety tsy ahitan'ny fiarahamonina sivily hirika idirana</p> <p>Famoahan'ny fitondrana vaovao momba ny pôlitika ara-toekarena sy drafitra ankapoben'ny tetibola volana vitsivitsy alohan'ny hametrahana ny tetibola raikitra eny anivon'ny Parlemanta.</p>	<ul style="list-style-type: none"> <li>- Fomba fidirana tsy raiki-drafitra</li> <li>- Fampiasana ny tambajotra sy olom-pantatra any anivon'ny tambajotran'ny ministera</li> <li>- Famoahana tati-pikarohana momba olona tian-kovatsiana vola</li> <li>- Famoronana rafitra ahazoana miady hevitra momba ny tetibola : fivoriana isan-taona alohan'ny hamolavolana ny tetibola andraisan'ny vondrona maro</li> <li>=&gt; Famoahana tahirin-kevitra misy ny laharam-pahamehana omena ny governemanta.</li> <li>- Fanatontosana fivoriana momba ny fahantrana any ambanivohitra sy renivohitra</li> <li>=&gt; dokam-barotra an-gazety sy radio momba ny toerana, ora, lohahevitra</li> <li>=&gt; laharam-pahamehan'ny vahoaka ao amin'ny tetibola</li> <li>- Antso an-telefônina amin'ny fandaharana radio ihainoana ny zava-manahiran-tsaina ny vahoaka</li> <li>=&gt; laharam-pahamehana</li> <li>- Famolavolana tetibola fanova</li> <li>- Fandraisana anjara amin'ny famolavolana tetibola any amin'ny faritra na any ifotony : kaominina</li> <li>- Fanararaotan'ny fiarahamonina sivily io fanambarana io amin'ny famantarana ny laharam-paha-mehana</li> </ul>
FANDANIANA HO LALANA	<p>PARLEMANTA</p> <p>Fandinihan'ny Parlemanta ny volavolan-tetibola avy amin'ny governemanta sy fisian'ny adihevitra eo anivon'ny vondrona parlemantera isanisany</p> <p>=&gt;</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>• Fivoriana azo atrehin'ny vahoaka</li> <li>• Fiantsoana ny governemanta hanome fanazavana na porofo</li> </ul>	<p>Afaka mifanampy ny fiarahamonina sivily sy ny Parlemanta :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- Fiarahamonina sivily manolo-kevitra momba ny laharam-pahamehana</li> <li>- Parlemanta : mampiasa ny fahefany mba hampiditra ireny laharam-pahamehana ireny ao anaty tetibola</li> <li>- . . . . . manampy ny fiarahamonina sivily hahatakatra ny pitsopitson'ny tetibola = taridalana na famintinana ny tetibola</li> <li>- Fanaofanana momba ny tetibola omen any parlemantera, mpiasan'ny parlemanta, fampahalalam-baovao, fikambanan'ny fiarahamonina sivily, miasan'ny governemanta</li> <li>- Fanaovana fanadihadiana mahaleotena ny tetibola hamoahana fanamarihana ankapobeny momba any ho fiantraikan'ny tetibola amin'ny fahantrana</li> <li>- Fanadihadiana momba ny fangaraharan'ny tetibola sy ny fandraisana anjara tamin'ny famolavolana sy fandaniazany</li> </ul>

DINGANA	ANDRAIKITRA	FOMBA ANDRAISAN'NY FIARAHAMONINA SIVILY ANJARA
FAMPIHARANA	<p>MPANATANTERAKA</p> <p>Birao foiben'ny tetibola miantoka ny fitsinjarana ny vola amin'ny dpartemanta tsirairay araka ny voasoratra ao amin'ny tetibola nankatoavina ary manaraka ny laharam-pahamehana</p>	<p>Ny fanadihadiana ny tetibola dia mifantoka amin'ny sehatra manokana ao amin'ny fiarahamonina : zokiolona, ambanivohitra mahantra, vondron'olona marefo</p> <p>Fanangonana torohay momba ny fandania, fidiram-bola sy ny vokatra</p> <p>Ireny torohay ireny no ahafahana manaoa asa fandresen-dahatra amin'ny famantarana ny laharam-pahamehan'ny tetibola sy ny fifanandrifian'ny fandanium-bola amin'ny fampandrosoana sy fampihenana ny fahantrana.</p> <p>Afaka manao fampitahana amin'ny fandania voavinavina sy ny fandania tena nisy.</p> <p>Fanaraha-maso ny fanatanterahana ny fanomezan-toky / fampiantanana ao amin'ny tetibola mba hahafahana manome tolokevitra amin'ny tetibola manaraka.</p>
FANAMARINANA (Audit)	<p>Rafitra mahaleotena mpanamarin-kaonty (Cour des Comptes, Bureau de l'autiteur Général)</p> <p>Miafara amin'ny tatitra aroso eo anatrehan'ny Parlemanta ary hadihadin'ny Kômitin'ny Kaontim-bahoaka</p> <p>Mety ho zava-misy amin'ny fampiharana ny tetibola :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- Fandania voasoratra fa tsy natao</li> <li>- Fandania voasoratra fa tsy araka ny tokony ho izy</li> <li>- Tsy fanarahan-dalàna teo amin'ny tolo-baro-panjakana</li> <li>- Fandanilanium-poana sy tsy ilaina.</li> </ul>	<p>Tsy dia afaka mandray anjara ny fiarahamonina sivily</p> <p>Farahamonina sivily : famoahana ireny toe-javatra ireny amin'ny fampahalalam-baovao mba ho fanta-bahoaka</p> <p>=&gt; Fitakian'ny vahoaka ny governemanta hanao tatitra momba ny fampiasana ny volam-bahoaka.</p>

### III. IREO RAFITRA MIARO NY ZON'NY OLOMBELONA

IZA NO HATONINA RAHA HANATANTERAKA HETSIKA FIAROVANA NY ZON'NY OLOMBELONA

#### RAFITRY NY ZON'OLOMBELONA

##### Rafitra noforonina araka ny Dinan'ny Firenena Mikambana

- Vaomieran'ny zon'ny olombelona
- Filan-kevitra ny zon'ny olombelona
- Fandinihana ara-potoana maneran-tany
- Ny Paikady manokana

##### Rafitra noforonina araka ny rijan-teny iraisam-pirenena momba ny zon'ny olombelona.

##### RAFITRY NY FIFANEKENA

- Ny Komitin'ny zon'ny olombelona na Comité des Droits de L'homme (CCPR)
- Ny Komitin'ny Zo ara-toekarena, sôsialy ary arakolontsaina na Comité des Droits Economiques, Sociaux et Culturels (CESCR)
- Ny Komity ho an'ny Fanafoanana ny Fanavakavaham-Bolonkoditra na Comité pour l'Elimination de la Discrimination Raciale (CERD)
- Ny Komity ho an'ny Fanafoanana ny Fanavakavahana Atao amin'ny Vehivavy na Comité pour l'Elimination de la Discrimination à l'Egard des Femmes (CEDAW)
- Ny Komity Iadiana amin'ny Fampijaliana sy ny soba-komity ho Fisorohana ny Fampijaliana na na Comité Contre la Torture (CAT) sy ny Sous-comité pour la Prévention de la Torture
- Ny Komity miaro ny Zon'ny Ankizy (Comité des Droits de l'Enfant (CRC)
- Ny Komitin'ny Mpiasa mpila ravin'ahitra na Comité des Travailleurs Migrants (CMW)
- Ny Kômity misahana ny Zon'ny Olona Sembana na Comité des Droits des Personnes Handicapées (CRPD)

Ny fiaraha-miasa amin'ireo rafitra ireo dia fitaovana tena mahomby ho an'ny fiarahamonim-pirenena amin'ny fandraisana anjara amin'ny fampiharana sy ny fanatanterahana marina ny zon'ny olombelona sy ny fananganana sori-dalana azo tsapain-tanana momba izany ao amin'ny tany misy azy.

Noho ny asa fiambenana, fanandratana sy fanaraha-maso mifandraika amin'ny asan'ny rafitry ny fifanekena dia mihamanan-danja sy tena ilaina ny fiarahamonim-pirenena.

Ny fandraisan'ny fiarahamonim-pirenena anjara mavitrika ao amin'ny dingana samihafa'n'ny fanolorana sy fandinihana ny tatitra sy ny fampiharana ny paikady toy ny fametrahana fitarainana, ny famotopotorana ary ny filazana fanairana maika na koa ny fampitam-baovao any amin'ny Komity na ny fanatrehana ny fivoriana dia tena manampy amin'ny asa ataon'ny rafitry ny fifanekena.



## A. NY FIARAHAMONIM- PIRENENA SY NY ANTENIMIERA

### *1- Tanjona sy tombontsoa amin'ny fandraisan'ny vahoaka anjara*

- Manatsara ny pôlitikam-panjakana
- Manamafy orina ny fahatokisan'ny vahoaka ny governemanta sy mampitombo ny maha ara-drariny ny fitondrana
- Manamafy ny demôkrasia
  - Fanomezam-baovao
  - Fakan-kevitra
  - Fandraisana anjara

### *2- Sehatry ny fandraisana anjaran'ny vahoaka*

#### **a) Fakan-kevitra -> Fivoriam-bahoaka**

- Fizaràna tahirin-kevitra ôfisialy
- Fananganana kômity
- Fivoriana asiana fanontaniana / valiny

#### **b) Fitarainana / Tolo-kevitra**

#### **d) Tranonkala, diniky ny olom-pirenena, fitsapan-kevi-bahoaka**

#### **e) Fanadihadiana ny drafitra raha mifanandrify amin'ny filan'ny vondron'olona**

### *3- Fampahalalam-baovao*

- Fampahalalana ny fomba fampiasan'ny Fanjakana ny fahefana eo am-pelatanany sy fanentanana ny vahoaka momba ny fanamparam-pahefana
- Fampahafantarana ny fomba fiasa sy asan'ny Parlemanta (Antenimiera): fanaovan-dalàna, fankatoavana ny tetibolam-panjakana, fanaraha-maso ny fahefana mpanatanteraka,...



#### **4- Fakan-kevitra**

- a) Fomba ihainoan'ny governemanta ny pôlitikam-bahoaka avy amin'ny fiarahamonina sivily
- b) Fifandraisana ahafahana mampifandanja ny filan'ny vahoaka sy ny laharam-pahamehan'ny governemanta

### **B. NY FANDRESEN-DAHATRA (PLAIDOYER)**

#### **1- Famaritana**

Ezaka atao hanovana pôlitika, lalàna na fanapahan-kevitra iray. Mety hatao amin'ny ambaratongam-pitondrana, andrim-panjakana, rafitra na olona.

#### **2- Fandrafetana fandresen-dahatra**

##### **a) Ilaina satria:**

- Voafetra ny hoenti-manana (olona, vola)
- Voafetra ny fotoana hanatratrarana ny tanjona
- Tsy maintsy manao tatitra amin'ny mpifidy na ny mpiombona antoka
- Misy vokatra azo tsapain-tanana tsy maintsy tratra
- Miova tsy an-kiato sady mety ho tsy ampoizina ny tontolo iasana
- Mila manana tanjona iombonana voafaritry mazava mba hanamaivana ny fifandonana sy ny fahasamihafana.

##### **b) Ny fandrafetana fandresen-dahatra dia fampivelarana:**

- Paikadim-piovana ankapobeny : drafitra lavitra ezaka ahitana taratra ny vina sy ny toerana misy, ny tian-kaleha ary ny fomba hahatongavana any
- Hetsika : drafitra antonona ezaka miaraka amin'ny sahanasa mikendry ny hanova ny tontolo pôlitika sy ny fiheveran'ny vahoaka
- Paikady, asa sy sahanasa : sahanasa antomotra ezaka eo anivon'ny paikady ankapoben'ny fanovana
- Fanombanana ny fiantraikany: manara-maso ny fiantraikany mba hahazoana manova ny paikady, ny hetsika sy sahanasa, raha ilaina.

### **3- Dingana folon'ny fandrafetana tafi-pandresen-dahatra**

#### **a) Dingana 1 : Mamantatra ny olana**

Mifidy ny olana azo anaovana fandresen-dahatra mahomby izany hoe milaza zavatra azo tanterahina

#### **b) Dingana 2 : Mamantatra ireo olona na vondron'olona hafa voakasik'ilay olana**

- Iza no hahazo tombontsoa ary amin'ny fomba ahoana ?
- Misy ho maty antoka ve noho ilay ho fiovana ?

=> Ahafantarana ny olona tokony hampidirina ao anatin'ny

- tari-pandresen-dahatra
- hohatonina hiara-midinika ny mety hatao

#### **d) Dingana 3 : Mamaritra ny tanjona**

Inona no tianao hiova, rahoviana ary fiovana tahaka inona?

=> Tanjona fohy sady mazava

#### **e) Dingana 4 : Mamolavola vahaolana**

- Manosoka vahaolana
- Mitady vahaolana vaovao momba ilay olana : trangan-javatra sy tarehimarika hatao tohan-kevitra
- Manangona tantaran'olona voakasik'ilay olana
- Manontany ny vahaoloana any amin'ireo olona ianjadian'ilay olana

#### **f) Dingana 5 : Manangana vondrom-piombona antoka na tambajotra**

- Mitady olona na fikambanana liana amin'ilay lohahevitra na olana
- Mahomby ny tambajotra rehefa matoky ny tsirairay fa hahazo tombony amin'ny fidirana ao. Iaina ny misokatra amin'ny fiarahamiasa, amin'ny fifampizarana torohay sy amin'ny fifanampiana.

#### **g) Dingana 6 : Mamantatra ny mpanapa-kevitra**

##### **Iza avy no kendrena ?**

1. Ireo mpanapa-kevitra : ministra, manam-pahefana eo an-toerana, mpampihatra lalàna
2. Ireo olona afaka manova ny hevitra ny mpanapa-kevitra, mpiasan'ny ministra, mpanohitra : mety ilaina ny fifampiresahana mivantana amin'izy ireny halahalana ny heviny.

#### **h) Dingana 7 : Mamantatra ny paikady fandresen-dahatra**

- Atao mifanaraka amin'ny fototr'olana na lohahevitra
- Drafitra azo tanterahina sady mifanentana amin'ny hoenti-manana :
  - Fanentanam-bahoaka
  - Fampiasana ny fampahalalam-baovao
  - Fitarainana
  - Taratasy
  - Fivoriana miaraka amin'ny mpanapa-kevitra
  - Hetsika an-kalamanjana
- Kendrena ho amin'ny fotoana maha mety azy
- Mahay manararaotra ny trangan-javatra azo araraotina

#### **i) Dingana 8 : Mampandray anjara ny fampahalalam-baova**

#### **j) Dingana 9 : Manohina ny fon'ny vahoaka sy mitady ny fanohanany**

Azo atao koa ny manaraka ny fironan'ny vahoaka raha te hahazo vokatra tsaratsara kokoa

#### **k) Dingana 10 : Manombana ny vokatry ny fanafihana sy maminavina ny fanjohianasa**

- Refesina ny fandrosoana tratra sy ny fomba nahatrarana azy
- Hadihadiana ny fahombiazana
- Omen-danja ireo olona, vondron'olona nohatonina sy nandray anjara
- Hadihadiana ny fahadisoana natao

Ohatra : Hetsika tsy nahazo olona. Inona no olana ?

- Tsy fantatry ny olona ny fisiany
- Tsy misy fitaterana
- Ratsy ny fotoana nofidina
- Raha nisy fampanantenana nataon'ny mpanapa-kevitra => asiana fanjohianasa

## D. NY FANERENA ANKOLAKA NA NY LOBBYING

### 4- Ny fanerena ankolaka na lobbying

a) Hetsika hoenti-manova hevitra ny olona tompon'anjara amin'ny fanomanana sy famoahana lalàna (mpanolotsaina sy mpiasan'ny ministera, mpanoratra ny volavolan-dalàna, tompon'andraikitra pôlitika, mpikambana ao amin'ny parlemanta, mpiasan'ny parlemanta)

- Fitadiavana olona manan-danja
- Fitondrana vaovao / torohay hampiasain'ny mpanao lalàna rehefa hanapa-kevitra

### b) Fampitahana

FANDRESEN-DAHATRA	FANERENA ANKOLAKA
Momba tranga / olana mazava	Momba lalàna iray
Ezaka tarika / vondron'olona	Olon-tokana na vondron'olona
Mikendry tompon'andraikitra maro ao anaty na ivelan'ny governemanta	Mikendry ny mpanao lalàna sy ny mpiasan'ny governemanta
Mikendry ny soa iombonana	Mikendry tombontsoa manokana

### d) Fomba azo anaovana fanerena na lobbying

- Fivoriana ara-potoana
- Fivoriana tsy raiki-drafitra (tampotampoka)
- Taratasy
- Antso an-telefaonina
- Torohevitra voasoratra (tahirin-kevitra fohy)manazava ny zava-dehibe sy porofo manome lanja ny lafin-javatra hanaovana lobbying
- Famelabelarana am-bava manoloana ny kômity parlemantera
- Hetsika manokana
- Fampiasana solosaina sy teknôlôjian'ny fitarainana
- Fampiasana ny fampahalalam-baovao

### e) Ireo fomba dimin'ny fanerena na lobbying mahomby:

1. Fiomanana
2. Fahazavana
3. Fahaiza-manao matihanina
4. Fahalalam-pomba
5. Fitozoana

## E. NY FIARAHAMONIM-PIRENENA SY NY FAMOLAVOLANA TETIBOLA SY FITANTANAM-BOLA

Ny fiarahamonim-pirenena, ny mpanatanteraka ary ny mpanao lalàna dia mpanandray anjara lehibe eo amin'ny fanamboarana sy fampiharana ny tetibola.

### *Antony tokony hahafantaran'ny fiarahamoni-pirenena sivily ny dingan'ny tetibola*

- Fahatakarana ny dingan'ny tetibola :
  - Ahafantaran'ny fiarahamonim-pirenena ny sehatra tokony handraisany anjara hanampiana ny fanjakana
  - Ahafahana manao drafitra mandresy lahatra ny mpamatsy vola
- Mampirindra sy manohana ny fanavaozana eo amin'ny fitantanana sy ny andraikitra momba ny fitantanam-bolam-bahoaka
- Mamantatra ny milina mampihodina ny vondron'olona marefo
- Manombana ny fahatsaran'ny fomba fitantanam-bolan'ny governemanta hamantarana ny mety hanahirana eo amin'ny pôlitika sy ny ara-bola
- Manao fandresen-dahatra hisiana fitantanam-bola madio mitondra fampihenana ny fahantrana sy miady amin'ny tsy fitoviana

### *Inona no atao hoe tetibola?*

- Drafitra mandritra ny taona ahitana izay tian'ny governemanta ho tanterahina sy ny fomba handaniana ny volam-bahoaka mba hahatrarany ny tanjony
  - Hiantohana ny hisiana vola ampy hahafahan'ny Fanjakana miasa sy manatanteraka ny drafina (vola miditra)
  - Hanaovana ny fepetra izay miteraka fitomboana ara-toekarena

Misy fizarana roa: vola miditra / vola mivoaka

### *Fiavian'ny vola miditra*

- Hetra alaina mivantana amin'ny mponina sy ny orinasa
- Hetra tsy mivantana : hetran-tsigara, alikaola na sakafo
- Fivarotan-draharaha : herinaratra
- Asa varotra samihafa : fitrandrahana harena an-kibon'ny tany, fambolena

- Fanampiana avy any ivelany

### *Fandehanan'ny vola mivoaka*

- Fahasalamana, fanabeazana, fambolena, filaminana
- Fandaniem-bola : tsy mitovy hevitra amin'ny fampiasam-bola (Karaman'ny mpiasam-panjakana, fanafody ho an'ny hôpitaly, fampiasam-bola: fividianan-javatra hoenti-mamokatra tahaka ny fotodrafitrasa sy fitaovana

Tokony hifandanja ao amin'ny tetibola ny fandaniem-bola sy ny fampiasam-bola.

Ohatra: manamboatra hôpitaly (fampiasam-bola) dia midika ho fanakarama mpiasa sy mizara fanafody ho an'ny marary (fandaniem-bola).

Tetibola tsara :

- Ny maha-iray ny tetibola
- Ny fahafaha-mitsinjo ny hoavy : fahafantarana mialoha ny vola hiditra hahafahana mandrafitra izay hatao
- Ny famantarana ny laharam-pahamehana

izany dia mitaky :

- fijerena matetika ny toeran'asa vatsian'ny tetibola
- fanaovana lisitra ireoy laharam-pahamehana mba hahazoana fahombiazana lavorary
- Ny mangarahara : ilaina ananana daholo ny torohay rehetra mba hahazoana maka fanapahan-kevitra mitombina momba ny tetibola
- Ilaina ny torohay ho mazva, azo antoka, amin'ny antsipiriany
- Ny fiverimberenana : tokony handrakotra vanim-potoana raikitra ny tetibola : taona iray ary ampandalovina ny parlemanta isan-taona

## Dingan'ny tetibola sy ny fandraisana anjara'ny fiarahamonina sivily

DINGANA	ANDRAIKITRA	FOMBA ANDRAISAN'NY FIARAHAMONINA SIVILY ANJARA
FAMOLAVOLANA	<p>MPANATANTERAKA :</p> <p>Ministeran'ny Fitantanambola sy Tetibola : izy no mitsinjara ny vola ampelatanany ho an'ny foibe, faritra, vondrona ifotony</p> <p>Dingan'ny anisan'ny mihidy ka mety tsy ahitan'ny fiarahamonina sivily hirika idirana</p> <p>Famoahan'ny fitondrana vaovao momba ny pôlitika ara-toekarena sy drafitra ankapoben'ny tetibola volana vitsivitsy alohan'ny hametrahana ny tetibola raikitra eny anivon'ny Parlemanta.</p>	<p>Fomba fidirana tsy raiki-drafitra :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- fampiasana ny tambazotra sy olom-pantatra any anivon'ny tambazotran'ny ministera,</li> <li>- famoahana tati-pikarohana momba olona tian-kovatsiana vola,</li> <li>- famoronana rafitra ahazoana miady hevitra momba ny tetibola : fivoriana isan-taona alohan'ny hamolavolana ny tetibola andraisan'ny vondrona maro anjara ahafahana mamoaka tahirin-kevitra ny rakitra misy ny laharam-pahamehana omena ny governemanta,</li> <li>- fanatontosana fivoriana momba ny fahantrana any ambanivohitra sy an-drenivohitra anaovana dokam-barotra an-gazety sy radio momba ny toerana, ora, lohahevitramba ahazoana ny laharam-pahamehan'ny vahoaka ao amin'ny tetibola,</li> <li>- famolavolana tetibola fanova,</li> <li>- fandraisana anjara amin'ny famolavolana tetibola any amin'ny faritra na any ifotony : kaominina,</li> <li>- araraotin'ny fiarahamonina sivily io fanambarana io hamantarana ny laharam-paha-mehana.</li> </ul>
FANDANIANA HO LALANA	<p>PARLEMANTA</p> <p>Fandinihan'ny Parlemanta ny volavolan-tetibola avy amin'ny governemanta sy fisian'ny adihevitra eo anivon'ny vondrona parlemantera isanisany</p> <p>Izany dia :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>• fivoriana azo atrehin'ny vahoaka,</li> <li>• fiantsoana ny governemanta hanome fanazavana na porofo.</li> </ul>	<p>Afaka mifanampy ny fiarahamonina sivily sy ny Parlemanta :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- Fiarahamonina sivily : manolo-kevitra momba ny laharam-pahamehana</li> <li>- Parlemanta : <ul style="list-style-type: none"> <li>• mampiasa ny fahefany mba hampiditra ireny laharam-pahamehana ireny ao anaty tetibola</li> <li>• manampy ny fiarahamonina sivily hahatakatra ny pitsopitson'ny tetibola ka manome taridalana na famintinana ny tetibola</li> </ul> </li> <li>- Ny fiahamonina sivily koa dia afaka : <ul style="list-style-type: none"> <li>• manome fiofanana momba ny tetibola ho an'ny parlemanta, mpiasan'ny parlemanta, fampahalalam-baovao, fikambanan'ny fiarahamonina sivily, mpiasan'ny governemanta</li> <li>• manao fanadihadiana mahaleotena ny tetibola hamoahana fanamarihana ankapobeny momban'ny ho fiantraikan'ny tetibola amin'ny fampihenana ny fahantrana</li> <li>• manadihadiana momba ny fangaraharan'ny tetibola sy ny fandraisana anjara tamin'ny famolavolana sy fandaniazany.</li> </ul> </li> </ul>

DINGANA	ANDRAIKITRA	FOMBA ANDRAISAN'NY FIARAHAMONINA SIVILY ANJARA
FAMPIHARANA	<p>MPANANTERAKA</p> <p>Ny Birao foiben'ny tetibola no miantoka ny fitsinjarana ny vola amin'ny departemanta tsirairay araka ny voasoratra ao amin'ny tetibola nankatoavina ary manaraka ny laharam-pahamehana</p>	<p>Ny fanadihadiana ny tetibola dia mifantoka amin'ny sehatra manokana ao amin'ny fiarahamonina : zokiolona, ambanivohitra mahantra, vondron'olona marefo.</p> <p>Ny fiarahamonina sivily dia afaka :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- manangonana torohay momba ny fandania, fidiram-bola sy ny vokatra, ireny torohay ireny no ahafahana manao asa fandresen-dahatra amin'ny famantarana ny laharam-pahamehan'ny tetibola sy ny fifanandrifian'ny fandaniam-bola amin'ny fampandrosoana sy fampihenana ny fahantrana,</li> <li>- manao fampitahana amin'ny fandania voavinavina sy ny fandania tena nisy,</li> <li>- manaraha-maso ny fanatanterahana ny fanomezan-toky / fampanantenana ao amin'ny tetibola mba hahafahana manome tolokevitra amin'ny tetibola manaraka</li> </ul>
FANAMARINANA (Audit)	<p>Rafitra mahaleotena mpanamarin-kaonty.</p> <p>Miafara amin'ny tatitra aroso eo anatrehan'ny Parlemanta ary hadihadin'ny Kômitin'ny Kaontim-bahoaka</p> <p>Mety ho zava-misy amin'ny fampiharana ny tetibola :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- Fandania voasoratra fa tsy natao</li> <li>- Fandania voasoratra fa tsy araka ny tokony ho izy</li> <li>- Tsy fanarahan-dalàna teo amin'ny tolo-baro-panjakana</li> <li>- Fandaniliam-poana sy tsy ilaina</li> </ul>	<p>Tsy dia afaka mandray anjara amin'ny fanamarinana kaonty ny fiarahamonina sivily</p> <p>Andraikity ny Fiarahamonina sivily ny famoahana ireny toe-javatra ireny amin'ny fampahalalam-baovao mba ho fanta-bahoaka.</p> <p>Izany no ahafahan'ny vahoaka manery ny governemanta hanao tatitra momba ny fampiasana ny volam-bahoaka.</p>



**TAKELAKA FAMINTINANA NY ANJARA ASA, IRAKA ARY PAIKADIN'NY RAFITRY NY FIFANEKENA**

RAFITRY NY FANEKENA	ANJARA ASA	FOTOAM-PIVORIANA	FANDRAISANA TATITRA	FAMPITANA VAOVAO AMAN-TATITRA	FANDRAISANA ANJARA AMIN'NY FOTOAM-PIVORIAN'NY KOMITY	ADIRESY
I- NY KOMITIN'NY ZON'OLOMBELONA	Manara-maso ny fampiharana ny Fifanekena iraisam-pirenena mikasika ny zon'ny tsambanan'olona sy politika sy ireo Fifanekena tsy antery miaraka aminy	Fotoam-pivoriana telo mahaitra telo herinandro isan-taona : 1. volana martsa ao amin'ny Fobien'ny Firenena Mikambana ao NewYork 2. volana jolay 3. oktobra, novambra ao amin'ny birao'ny Firenena Mikambana any Genève	1. Tatitra voalohany : herintaona aorian'ny nanaovana sonia ilay fanekena 2. Tatitra ara-potoana : eo anelanelan'ny telo sy dimy taona 3. Ny fanamarihana farany voarakitra ao anatin'ny tatitra teo aloha no mamaritra ny daty hanolorana ny tatitra manaraka.	Ny ONG sy ny mpikambana hafa ao amin'ny fiarahamonim-pirenena toy ny votoeran'ny Oniversite na Ivotoeram-pikarohana sy ny fikambanana araka asa dia afaka manolotra ny vaovao voangona any amin'ny sekretarian'ny komity : • amin'ny fotoana rehetra kanefa tsaratsara kokoa raha mialoha ny fotoana handinibana ny tatitra avy amin'ny firenena • herinandro enina alohan'ny fivorianty ekipa manokana miandraikitra ny tatitra ara-potoana • Atao version électronique sy antaratasy 25 isa faha-fahakeliny	Ny fiarahamonim-pirenena dia afaka manatrika ny fotoam-pivorianty komity saingy mpanara-maso ihany Toy izo ny fombafombaz: • Manoratra avy amin'ny sekretaria mangataka alalana • Hanokan'ny komity fotoana ny fiarahamonim-pirenena hanoomezana azy ireo toromarika am-bava mandritra ny fivoriana tsy azon'ny be sy ny maro atrehina • afaka manao fivoriana fampitam-baovao amin'ny komity ny fiarahamonim-pirenena	<b>ADRESY</b>  <b>Sekretarian'ny Komiti'ny Zon'ny Olombelona</b>  Haut-commissariat des Nations Unies aux droits de l'homme / Palais des Nations / 8-14, avenue de la Paix / CH-1211 Genève / 10 - Suisse / Télécopie : +41 (0)22 917 90 29 / Tél : +41 (0)22 917 93 32, na +41 (0)22 917 93 95  <b>Ny fitarainana avy amin'ny olon-tsotra araka ny Fanekena</b> voalohany tsy antery miandray amin'ny Fanekena dia azo halefa amin'ny  <b>Ekipan'ny fitarainana :</b> Haut-commissariat des Nations Unies aux droits de l'homme / Palais des Nations / 8-14, avenue de la Paix / CH-1211 Genève / 10 - Suisse / Télécopie : +41 (0)22 917 90 22 Mail : tb-petitions@ohchr.org

RAFITRY NY FANEKENA	ANJARA ASA	FOTOAM-PIVORIANA	FANDRAISANA TATITRA	FAMPITANA VAOVAO AMAN-TATITRA	FANDRAISANA ANJARA AMIN'NY FOTOAM-PIVORIAN'NY KOMITY	ADIRESY
<p>II-NY KOMITIN'NY ZO ARA-TOEKARENA, ARA-TSOSIALY SY KOLONTSAINA</p>	<p>Manara-maso ny fampiharana ny Fianekena iraisam-pirenena mikasika ny zo ara-toekarena, sosialy sy kolontsaina</p> <p>Soritana fa ny Fihan-kevitra ny zoriny olombelona dia nanalika ny Protocole facultatif na Fianekena tsy an-tery tamin'ny jona 2008.</p>	<p>1. Fivoriaina indroa mahatitra telo herinandro tsan-taona ka</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>• volana mey</li> <li>• novambra</li> </ul> <p>ao amin'ny Biraoiny Firenena Mikambana any Geneve</p> <p>2. Miampy fivoriant'ny vondron'asa herinandro alohan'ny fotoam-pivoriaina</p>	<p>1. Tatitra voalohany ao anatin'ny roa taona manaraka ny nankeny/ho mpikambana</p> <p>2. Tatitra ara-potoana tsaky ny dinny taona na araka ny fangatahan'ny Komity</p>	<p>Afaka mampita vaoavao sy mandefa tatitra any amin'ny sekretarian'ny komity ny ao anatin'ny fiarahamonim-pirenena, toy ny ONG, tsanganasa ho atry ny fikarohana, ny fikambanana araka asa na ny vondron'olona ifotony.</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>• amin'ny fotoana rehetra kanefa tsara kokoa raha herinandro mialoha ny fotoana handinhana ny tatitra avy amin'ny firenena</li> <li>• Atao version électronique sy antaratasy 25 isa faha-fahakeliny</li> <li>• Ny ONG manana ny sakan'ny fakan-kevitra ho atry ny Komity dia afaka mandefa fanambarana ant-soratra mba havoaka amin'ny teny samihafa fampiasan'ny Komity, izay mikasika andininy mazava ao amin'ny Fianekena na lafin-javatra tena maika ary atao tonga any telo volana alohan'ny fotoam-pivoriaina</li> </ul>	<p>Ny fiarahamonim-pirenena dia afaka manatika ny fotoam-pivorian'ny komity saingy mpanara-maso ihany</p> <p>Toy izao ny fomba fomba:</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>• Manoratra any amin'ny sekretaria mangataka alalana</li> <li>• Ny ONG, ny INDH sy ny manampahaizana noraisina hanao ny asa amin'ny anarany manokana dia afaka manao fanambarana am-bava mandritra ny maraina voalohany hivorian'ny tarika asa, ny alatsinainy, amin'ny 10 ora sy sasany maraina ka hatramin'ny iray ora, sy mandritra ny fihainoana ny ONG izay atao tsaky ny amin'ny telo ora ka hatramin'ny 4 ora tolakandro amin'ny andro voalohan'ny fotoam-pivoriaina natokana handinhana ireny tatitra ireny.</li> <li>• Ny fe-potoana natokana ho an'ireny fanambarana ireny dia 15 minitra.</li> <li>• Isaky ny fotoam-pivoriaina dia manokana andro iray, matetika ny alatsinainy amin'ny herinandro fahatelo, mba hiadian-kevitra momba zo iray manokana na ny endrika manolena hita ao amin'ny Fianekena...</li> <li>• Afaka manolotra tahirin-kevitra na mandray anjara amin'izany ny ONG manana fahaizana manokana, indrindra fa ny mpampianatra eny amin'ny université sy ny mpikambana ao amin'ny fiandrahana araka asa</li> </ul>	<p><b>Sekretarian'ny Komitin'ny zo ara-toekarena, ara-tsosialy sy kolontsaina :</b></p> <p>Mitovy amin'ny teo ambony</p>

RAFITRY NY FANEKENA	ANJARA ASA	FOTOAM-PIVORIANA	FANDRAISANA TATITRA	FAMPIIANA VAOVAO AMAN-TATITRA	FANDRAISANA ANJARA AMIN'NY FOTOAM-PIVORIAN'NY KOMITY	ADIRESY
<p>III-NY KOMITY HO AN'NY FANAFONANA NY FANAVAKAVAHANA MIHATRA AMIN'NY VEHIVANY</p>	<p>Manara-maso ny fampiharana ny Fianarahana iraisam-pirenena momba ny fanafoanana ny endri-panavakavahana rehetra mihatra amin'ny vehivavy sy ny Fianekena tsy ahitery miaraka aminy</p>	<p>Fivonana indroa na intelo isan-taona any Geneva sy any New York Fotoam-pivoriana maharitra herimandro noa izay ampian'ny tan'asa miivory mandritra ny herimandro alohan'ny fotoam-pivonana</p>	<p>1. Tatitra voalohany ao anatin'ny herintaona taorian'ny nidirana ho mpikambana 2. Tatitra ara-potoana tsaky ny efa-taona na araka ny fangatahan'ny Komity</p>	<p>Afaka manolotra angom-boavao na tatitra an-tsoratra ao anatin'ny farahamonim-pirenena : ONG, fikambanam-behivavy, rafitra miankina amin'ny fangonana, manampahaizana tsy miankina ary ny parlementera • amin'ny fotoana rehetra kanefa tsara kokoa raha herimandro mialoha ny fotoana handiniana ny tatitra any amin'ny fienena • Atao version électronique sy ahitaratasy 35 isa fara-fehaketiny  Azony hatao izany amin'ny fotoana rehetra fa ny tsara kokoa dia noa herimandro alohan'ny fotoam-panomanana ny fivonana na roa volana alohan'ny fivorian'ny komity Tsy maintsy tonga any amin'ny sekretariat ny tatitra elektronique na an-tsoratra ary atao 35 diky miivory ny isany amin'izao adiresy manaraka izao</p>	<p>• Ny farahamonim-pirenena dia afaka manatrika ny fotoam-pivorian'ny komity saingy mpanara-maso ilany Toy izao ny fomba fomba: • Manoratra any amin'ny sekretaria mangataka alalana Ny asan'ny farahamonim-pirenena, indrindra fa ny ONG, dia afaka manao fanambarana am-bava eo anatrehan'ny groupe de travail miivory alohan'ny fotoam-pivonana (mandrakariva mandritra ny maraina voalohany). Miivory indray io amin'ny fanan'ny fotoam-pivonana, alohan'ny ilay iray izay handiniana ny tatitra avy amin'ny Fanjakana voalesika. Azonty ONGA hatao koa ny manao fanambarana eo anatrehan'ny komity tsaky ny andro voalohany amin'ny herimandro fivoriana Azo atao koa ny miivory officieusement miaraka amin'ny mpikambana ao amin'ny Komity ka ny fomba fifandraisana dia ny sekretariat amin'izao adiresy manaraka izao</p>	<p>Fomba fifandraisana amin'ny Sekretaria : Komity momba ny fanafoanana ny fanavakavahana ampiharana amin'ny vehivavy; Kaomisara Ambonin'ny Fienena Mikambana misahana ny Zon'ny Olombelona / Palais des Nations / 8-14, avenue de la Paix / CH-1211 Genève 10 - Suisse / Télécopie : +41 (0)22 917 90 29 / Tél : +41 (0)22 917 93 32 ou +41 (0)22 917 93 95 Adiresy elektronika : <a href="mailto:cebdaw@ohchr.org">cebdaw@ohchr.org</a> Fanaadiahana tsambaratelo Ny mpikambana ao amin'ny farahamonim-pirenena, indrindra fa ny ONG, dia afaka mandefa any amin'ny sekretariat ny vaovao voangona izay heverina fa tena rasy na mikasika ny Fianekena. Ireny vaovao voangona ireny dia tsy maintsy azo tanana ho amina ary tsy maintsy ahitana sontra mazava momba ny fanosihosen'ny Fanjakana ny foto-kevitra raiketiny Fianekena Fitarainana ataon'ny olo-ntotra : Manaraka ny Protocole facultatif amin'ny Fianekena dia azonty olo-ntotra hatao ny mandefa tatitra any amin'ny Ekipan'ny Fangatahana Komity momba ny fanafoanana ny fanavakavahana ampiharana amin'ny vehivavy ; Kaomisara Ambonin'ny Fienena Mikambana misahana ny Zon'ny Olombelona / Palais des Nations / 8-14, avenue de la Paix / CH-1211 Genève 10 - Suisse / Télécopie : +41 (0)22 917 90 22 Ho ahiny fifandraisana indrindra indrindra / fangatahana malka be: adiresy elektronika : <a href="mailto:tb-petitions@ohchr.org">tb-petitions@ohchr.org</a></p>

<p>RAFITRY NY FANEKENA</p>	<p>ANJARA ASA</p>	<p>FOTOAM-PIVORIANA</p>	<p>FANDRAISANA TATITRA</p>	<p>FAMPITANA VAOVAO AMAN-TATITRA</p>	<p>FANDRAISANA ANJARA AMIN'NY FOTOAM-PIVORIAN'NY KOMITY</p>	<p>ADIRESY</p>
<p>IV-KOMITY MIADY AMIN'NY FAMPIJALIANA</p>	<p>Ny fanekena miady amin'ny fampijaliana sy sazy hafa na ny fampijarana fiondrana tsy mifaditrovana na manambany</p>	<p>Mivory any Genève ny komity fa ao no fivoriany mandrakariva indroa isan-taona ka ahitana fivoriambe (telo hermandro amin'ny volana may ary roa hermandro amin'ny volana novambra) sy tarik'asa hermandro iray mialoha ny fotoam-pivoriana. Misy ny fivoriana iray azoni ny be sy ny maro hatrehina (telo hermandro amin'ny volana novambra) sy ny groupe d e travail mivory alohan'ny tena fivoriana mandritra ny hermandro .</p>	<p>Ny Firenena mpikambana dia tsy maintsy manolotra tatitra voalohany herintaona aorian'ny indritany ho mpikambana ary rehefa avy eo dia tsaky ny efitraona.</p>	<p>Ny ONG sy ny mpikambana hafa ao anatin'ny farahamonim-pienena toy ny vondron'ny niharam-boina, ny fikambanana miankina amin'ny fivavahana, ny solontenari ny sendika ary ny vondron'ny sahan'asa dia afaka manome vaovao voangona ho dimihina ka handefa izany any amin'ny secretariat Azony hatao izany amin'ny fotoana rehetra fa ny tsara dia hermandro enina mialoha ny fivorian'ny Komity. Ny fandraisana anjara amin'ny fanomezana ny tranga itana ho dimihana dia tsy maintsy hatao telo volana mialoha ny fotoana izay hamaranana tanteraka ilay lisitra Ny vaovao voangona rehetra dia tsy maintsy alefa amin'ny endrika electronique sy an-tsoatra (dika mitovy misa 15) any amin'ny secretaria.</p>	<p>Manoratra any amin'ny secretariat mba hangataka ny fankatoavana. Azoni'ny mpikamban ao amin'ny farahamonim-pienena, indrindra ny ONGA, hatao ny manome vaovao am-bava any amin'ny komity mandritra ny fivoriana ataony.</p> <p>.Ny ONG dia natao indrindra hanamora ny fandraisan'ny niharam-boina anjara amin'ny fivoriana fanomezana-baovao izay natokana ho an'ny Firenena iray fa tsy izy rehetra ary izay dia atao amin'ny Sora to lakandro hatramin'ny 6 ora ny andro mialoha ny resaka hifanavaon'ny Fanjakana voakasik'i zany sy ny Komity.</p>	<p>Fampahafantarana manokana ny fitanana-an-tsoratra</p> <p>Komity miady amin'ny fampijaliana (adresy mitovy)</p> <p><b>Fanadihadiana atao tsiambaratelo</b> (jereo etsy ambony ) Fitarainana ataon'ny olon-tsotra (jereo ny adresy etsy ambony)</p>

RAFITRY NY FANEKENA	ANJARA ASA	FOTOAM-PIVORIANA	FANDRAISANA TATITRA	FAMPITANA VAOVAO AMAN-TATITRA	FANDRAISANA ANJARA AMIN'NY FOTOAM-PIVORIAN'NY KOMITY	ADRESY
V- NY SOBA-KOMITY MIARO AMIN'NY FAMPIASANA NY FAMPIJALIANA ;	Tatitra tsy an-tery momba ny fanekena miady amin'ny fampijaliana sy ny sazy hafa na fampiharana fitondrana tsy mifaditrovana , tsy mendrika ny olombelona na manambany azy.	Mivory intelo isan-taona mandritra ny herimandro lisa-pivoriana ny Soba-Komity ao amin'ny Office des Nations Unies any Genève.  Manao fitsidihana ara-potoana ihany koa izy any amin'ny toerana misy olona izay tsy manana fahafahana mba hisorohana ny fampijaliana. sy ny sazy hafa na ny fitondrana tsy mifaditrovana na tsy mendrika ny olombelona na manambany azy.	FANDRAISANA TATITRA	Ny ONG sy ny mpikambana hafa ao anatin'ny farahanonin-piarena , toy ny rafitra ao amin'ny service social, ny manampahaizana miisa ho mandefa amin'ny fotoana retra avoao na tatitra an-Sioratra any amin'ny sekretariat.Ny vaovaovo voangona rehetra dia tsy maintsy alefa araka ny version électronique.  Azony hatao ny manao izany amin'ny fotoana rehetra fa ny tsara indrindra dia roa volana alohan'ny fivorianty groupe de travail mialoha ny tena fivoriana. Fara fahakeliny dia dika mitovy miisa 20 an-taraty no tsy maintsy alefa any amin'ny adiresy voalaza ety ambany ambonin'ny dika natao amin'ny endrika électronique.	Manoratra any amin'ny sekretariat mba hangatahana amin'ny fanakabaovany.	<b>Fomba fifandraisana amin'ny sekretaria</b> : ny sous comité pour la prévention de la torture (même adresse)  <b>Fanadihadiana tsimbaratelo</b> (jereo etsy ambony)  <b>Fitarainana ataon'ny olon-tsotra</b> (jereo adiresy eo ambony ).
VI- NY KOMITIN'NY ZON'NY ANKIZY	Ny Fanekena mikasika ny zon'ny ankizy sy ny protocole facultatif miaraka aminy.	Intelo isan-taona no mivory ny Komity mandritra ny telo herimandro azy ka toy ny groupe de travail mivory alohan'ny tena fivoriana izy amin 'izy mandritra ny herimandro amin'ny janoary, mey ary septambra any amin'ny Office des Nations Unies any Genève. ...	FANDRAISANA TATITRA	Ny ONG sy ny mpikambana hafa ao anatin'ny farahanonin-piarena , toy ny rafitra ao amin'ny service social, ny manampahaizana miisa ho mandefa amin'ny fotoana retra avoao na tatitra an-Sioratra any amin'ny sekretariat.Ny vaovaovo voangona rehetra dia tsy maintsy alefa araka ny version électronique.  Azony hatao ny manao izany amin'ny fotoana rehetra fa ny tsara indrindra dia roa volana alohan'ny fivorianty groupe de travail mialoha ny tena fivoriana. Fara fahakeliny dia dika mitovy miisa 20 an-taraty no tsy maintsy alefa any amin'ny adiresy voalaza ety ambany ambonin'ny dika natao amin'ny endrika électronique.	Manoratra any amin'ny sekretariat mba hangatahana amin'ny fanakabaovany (Ny fangatahana fandraisana anjara dia tsy maintsy tonga any amin'ny sekretariat fara fahakeliny roa volana mialoha ny fivoriant'ny groupe d etravail mivory alohan'ny fivoriana voalaza).	<b>Fomba Fifandraisana amin'ny sekretariat</b> : Comité des droits de l'enfant (même adresse)  Jereo ny tranonkalan'ny fikambanan'ny ONG raha mitady ny son-dalana harahina momba ny fanaovana tatitra mlaika ny zon'ny ankizy.  Raha te-hahala ny son-dalana ampisaina amin'ny fandraisan'ny ONG sy ny manampahaizana anjara amin'ny asan'ny groupe de travail dia jereo ny tranonkala an'ny HCDH

RAFITRY NY FANEKENA	ANJARA ASA	FOTOAM-PIVORIANA	FANDRAISANA TATITRA	FAMPIIANA VAOVAO AMAN-TATITRA	FANDRAISANA ANJARA AMIN'NY FOTOAM-PIVORIAN'NY KOMITY	ADIRESY
<p>VI- NY KOMITY MIARO NY ZON'NY MPIASAMPILA RAVIN'AHITRA SY NY FIANAKAVIANY</p>	<p>Ny Fanekena iraisam-pirenena momba ny fiarovana ny zon'ny mpiasa mpilia ravin'ahitra sy ny fianakaviany</p>	<p>Ny komity dia mivory ara-dalàna indroa isan-taona any Genève, amin'ny avrily synovambira .</p>		<p>Azon'ny ONG sy ny mpikambana ao anatiny farahamonim-pirenena toy ny rafitra ao amin'ny service social, ny manampahazana miàsa ho an'ny tenany hatrany ny mandefa tatitra a-tsoratra any amin'ny sekretariat Ny vaovao voangona rehetra dia hafeza amin'ny endrika electronique daholo.</p>	<p>Manoratra any amin'ny sekretariat mba hangataka amin'ny fianakaviany .Ho fanomanana ny fadhinana ny tatitra avy amin'ny Firenea mpikambana. Ny mpikambana ao amin'ny fiarahamonim-pirenea, j'ndindra fa ny ONG, dia hasaina handray anjara amin'ny fivoriana manokana miaraka amin'ny komity mba hamelabelatra am-bava ny momba ny mpiasa mila ravin'ahitra ao anatiny ny Firenea ary hamaly ny fanontaniana hapeetraky ny komity.</p> <p>Mandritra ny fivoriana izay handinihana ny tatitry ny fanjakana mpikambana no hahafahany mpikambana ao anatiny faraha-monim-pirenea izay nanome vaovao voangona an-tsoratra manao tatitra am-bava amin'ny Komity mikasika ny vaovao any aminy, mandritra ny fotoam-pivoiriana ampahibemsamo alohan'ny handhian'ity farany ijay tatitra .</p>	<p><b>Fomba fifandraisana amin'ny sekretaria</b> : Kômity momba ny fiarovana ny zon'ny mpiasa mifindra monina sy ny fianakaviany (adiresy tsy miova)</p> <p>Adiresy elektronika: <a href="mailto:cmw@obchc.org">cmw@obchc.org</a></p>

RAFITRY NY FANEKENA	ANJARA ASA	FOTOAM-PIVORIANA	FANDRAISANA TATITRA	FAMPITANA VAOVAO AMAN-TATITRA	FANDRAISANA ANJARA AMIN'NY FOTOAM-PIVORIAN'NY KOMITY	ADIRESY
VIII- NY KOMITIN'NY ZON'NY OLONA SEMBANA	Ny Fanekena mikasika ny zon'ny olona sembana sy ny PROTOCOLE FACULTATIF miaraka aminy.	Tamin'ny septambra 2008 dia tsy mbola voatendry ny mpikambana ao anatin'ny Komity.		NY KOMITIN'NY ZON'NY OLONA SEMBANA .	Manoratra any amin'ny sekretariat mba hangatahana ny fanakatovany.	<p><b>Fomba fifandraisana amin'ny sekretaria</b> : Komity misahana ny Zon'ny olona manana fahasembanana (adiresy etsy ambony)</p> <p><b>Fanadihadiana atao</b></p> <p><b>tsiambaratelo</b>(jereo etsy ambony)</p> <p><b>Fitarainana avy amin'ny olon-tsotra</b> ( jereo ny adiresy etsy ambony)</p> <p>Fanazavana fanampiny: jereo tranonkala WEB ar'ny HCDH</p> <p><b>- Fifanekena sy fifanekena fanampiny miaraka aminy.</b> Jereo ny boky avoakan'ny HCDH mitondra ny lohateny hoo</p> <p><b>Avy amin'ny famiikihana mankany amin'ny fitoviana</b> : miantoka ny zon'ny olona manana fahasembana (HR/PUB/07/6).</p>
IX- NY KOMITIN'NY FANJAVONAN'NY OLONA VOKAIRY NY TERSETRA (Tsy mbola tafatanga tamin'ny septambra 2008).	Fanekena iraisam-pirenena ho fiarovana ny olan-dretra tsy hanjavona noho ny terisetra	Ny Firenena mpikambana dia tsy maimisy manolotra tatitra voalohany ao anatin'ny roa taona manomboka amin'ny andro niditany tao amin'ny Convention		Ny Komitin'ny olona nanjavona noho ny terisetra (tsy mbola tafatanga tamin'ny septambra 2008).		<p><b>Asa noho ny hamehana</b> Azont'ny komity ratsina ny fangatahana asa malika araka ny fagnatahana ataon'ny olon-tsotra momba ny fikarohana sy ny fahitnaa indray olona tsy hita izay nanjavonany . Tsy maimitsy voafehin'ny lalana an'ny Fanjakana nanao sonia iby Fanekena izany olona tsy hita izany .</p> <p><b>Fomba fifandraisana amin'ny sekretaria</b> : Komity misahana ny olona tsy hita popoka an-tery (adiresy mitovy)</p> <p><b>Fanadihadiana misy tsiambaratelo</b> (jereo adiresy eo ambony)</p> <p><b>Fitarainana napetraky ny olon-tsotra</b> (jereo adiresy eo ambony)</p>

## F-FOMBA FANOLORANA TATITRA ANY AMIN'IREO RAFITRY NY FIFANEKENA

Ho an'ny mpikatroka ao amin'ny fiarahamonim-pirenena maniry ny hanome vaovao ireo rafitry ny fifanekena, ny fomba mahomby indrindra dia ny fanaovana tatitra an-tsoratra mifanindran-dalana amin'ny tatitry ny Fanjakana.

Alohan'ny hanoratana ny tatitra anefa dia ilaina ny mahafantatra sy mizatra amin'ireo torolalana fototra momba ny fanoratana tatitra araka izay amaritan'ny rafitry ny fifanekena azy.

Ny firafitry ny tatitra an-tsoratra mantsy dia ilaina ampitovina araka izay azo atao amin'ny firafitry ny tatitra ôfisialy ataon'ny Fanjakana. Ny tanjona mantsy dia ny hanolotra fitsikerana amin'ny antsipiriany mampiseho raha mifanaraka na tsia amin'ny foto-kevitra sy fenitra voalazan'ilay fifanekena ireo lalàna, pôlitika na fomba fiasa ampiharin'ilay firenena mpikambana.

Ny tatitra dia tsy maintsy mahafeno ireto fepetra ireto:

- Mazava sy hentitra, marina sy tsy mitongilana
- Manasongadina izay heverina ho olana ary manome vahaolana hoenti-manatsara ny fampiharana ny zon'ny olombelona ao amin'ilay firenena dinihina
- Voatolotra alohan'ny fotoana handinihana ny tatitry ny Fanjakana. Amin'izay dia ho azon'ilay refitry ny fifanekena nandefasana azy ampiasaina hamaritana ireo lafin-javatra hodinihana, hanomanany ny fotoam-pivoriana ary hanoratany ireo volavolam-panamarihana farany

Indreto torolalana vitsivitsy:

- Ny vaovao na torohay omen'ny fiarahamonim-pirenena dia tsy maintsy mahakasika ilay tany dinihina ary mifandraika amin'ny iraka sahanin'ilay rafitry ny fifanekena andefasana azy. Raha azo atao dia tokony ho voatondro mazava ao ny andinin'ilay fifanekena izay nahitana fanosihosena
- Ny filazana fanitsakitsahana zon'ny olombelona rehetra dia tsy maintsy ampiarahina amina porofo sy tahirin-kevitra mitombina
- Tsy maintsy mazava tsara koa ny loharanon'ny torohay omena. Raha tahirin-kevitra ny Firenena Mikambana no ampiasaina dia ny laharan'ny andinindahatsoratrano lazaina satria tsy mitovy ny laharan'ny takila ho an'ny tenim-pirenena samy hafa. Tahaka izany koa raha tatitra Fanjakana no resahina ary tsy maintsy ialy tatitra ôfisialy navoakan'ny Firenena Mikambana no ampiasaina. Tsy maintsy omena dika mitovy maromaro amin'ny taratasy sy dika elektrônika ny sekretarian'ilay rafitry ny fifanekena ifanoratana satria tsy afa-manamaro ny ireny tahirin-kevitra ireny izy;
- Ny tahirin-kevitra ahitana ompa dia tsy azo raisina mihitsy



Ireo tatitra an-tsoratra avy amin'ny fiarahamonim-pirenena ka natolotra tamin'ny fotoam-pivoriantan'ireo rafitry ny fifanekena isan-karazany dia azo jerena ao amin'ny tranonkalan'ny HCDH ao amin'ny pejy natokana ho an'ireo rafitra noforonina avy amin'ny Fifanekena iraisam-pirenena. Ho an'ny Kômitin'ny zon'ny ankizy, dia ao amin'ny tranonkalan'ny ny Tambajotram-baovao an torohay momba ny zon'ny ankizy (Vondrona ONG miasa ho amin'ny fanatanterahana ny Fifanekena momba ny zon'ny ankizy) no ahitana azy.

## Fizahan-takila

FAMPIDIRANA	03
I- NY FIARAHAMONIM-PIRENENA	05
A. INONA NO ATAO HOE FIARAHAMONIM-PIRENENA?	05
B. IZA AVY NO AO ANATIN'NY FIARAHAMONIM-PIRENENA ?	06
D. IREO FIKAMBANANA AO ANATIN'NY FIARAHAMONIM-PIRENENA?	08
E. NY TOETRAN'NY FIARAHAMONIM-PIRENENA	16
F. IREO SEHATRA AHITANA NY FIARAHAMONIM-PIRENENA	16
G. IREO ANJARA ASA SAHANIN'NY FIARAHAMONIM-PIRENENA	16
II- NY ONG SY NY FIKAMBANANA MANANDRATRA	
NY FANAJANA SY NY FIAROVANA NY ZON'NY OLOMBELONA	18
A. NY TANJAKA SY NY FAHALEMEN'NY FIKAMBANANA TSOTRA SY NY ONG	18
B. NY FEPETRA TOKONY HARAHINA MBA HAMPAHOMBY NY FIKAMBANANA SY NY ONG	19
III- IREO RAFITRA MIARO NY ZON'NY OLOMBELONA	22
A. NY FIARAHAMONIM-PIRENENA SY NY ANTENIMIERA	24
B. NY FANDRESEN-DAHATRA (PLAIDOYER)	25
D. NY FANERENA ANKOLAKA NA NY LOBBYING	28
E. NY FIARAHAMONIM-PIRENENA SY NY FAMOLAVOLANA TETIBOLA SY FITANTANAM-BOLA	29
F. AHOANA NO FOMBA FANOLORANA TATITRA AN-TSORATRA HO AN'NY RAFITRA EFA FANTATRA	40



